

A AVY AMIN'NY LALÀNA HO AMIN'NY FAHASOAVANA. Romana 7:1-6.

- ❖ Ilay vady voalohany: Ilay vady dia ny “ny lalàna” (ilay olona taloha izay miezaka ny ho voavonjy amin'ny fitandremana ny lalàna). Raha mbola manambady ny lalàna isika, dia fehezin'ny fitakiany.
- ❖ Fahafatesan'ilay vady voalohany: Rehefa nohomboana niaraka tamin'i Kristy isika, dia maty ilay olona taloha ary afaka amin'ny fanamelohana sy ny fifehezan'ny ota sy ny lalàna isika.
- ❖ Fanambadiana vaovao: Nateraka indray avy tamin'ny Fanahy Masina isika rehefa niray tamin'ny Mpamonjy nitsangana tamin'ny maty; noho izany, dia tsy manompo an'Andriamanitra noho ny lalàna sy ny tahotra intsony isika, fa satria nahazo fanahy vaovaon'ny fahafahana sy ny fitiavana.
- ❖ Ny vokatra farany dia ny fitondrana vokatra ho an'Andriamanitra; vokatry ny fiainana nohavaozina.

B NY FANANDRAMAN'I PAOLY. Romana 7:7-11.

- ❖ Tsy ota ny lalàna. Ao anatin'ny olona ny ota, ary manondro izany ny lalàna.
- ❖ Rehefa nahafantatra ny tena toetra ara-panahin'ny lalàna i Paoly, dia io fahalalana io no nanameloka azy ny amin'ny fandikan-dalàna sy nampitsiry faniriana ratsy tao anatin'ny (and. 8).
- ❖ Avy eo izy dia nahafantatra fa tsy mamonjy antsika ny lalàna fa manameloka antsika, koa dia maty izy. Izany hoe, nahafantatra izy fa ny fiafaran'ny mpanota dia fahafatesana mandrakizay (and11).

D ARA-PANAHY SY ARA-NOFO. Romana 7:12-14.

- ❖ Ara-panahy: Ny Lalàna. Ny lalàn'Andriamanitra no fanambarana ny toetran'ny Mpanoratra azy ny fanehoana ny fisainany sy ny sitrapony. Nomena mba hahasoa antsika izy, ary masina, marina sady tsara ny lalàna.
- ❖ Ara-nofo: Ota. Mampilefitra ny tenantsika ho fehezin'ny ota isika rehefa mivelona araka ny nofo. Na dia ny olona masina indrindra aza dia ara-nofo ihany raha oharina amin'ny maha ara-panahy ny lalàna.
- ❖ Ny tanjona maharitr'ireo didy dia fanambarana fahamarinana, fandresena lahatra ny amin'ny ota sy fanehoana filàna Mpamonjy. Raha toa ka tsy misy ny lalàna handresy lahatra ny amin'ny ota, dia ho tsy manan-kery ny Filazantsara; raha toa ka tsy resy lahatra ny amin'ny otany ny mpanota, dia tsy hahatsiaro ny filàny fibebahana sy fananana finoana an'i Kristy izy.

E PAOLY MIADY AMIN'I PAOLY. Romana 7:15.

- ❖ Amin'ny teny Grika fototra dia misy matoanteny telo samy hafa; ny voalohany dia midika hoe “vokatry ny natao”, ny faharoa “fanao” ary ny fahatelo “izay tanteraka amin'ny farany”.

F NY TOLONA ANATY. Romana 7:16-20.

- ❖ Inona no azotsika atao amin'io tolona anaty io?
- ❖ “Indro misy asa atao ho an'ny olona. Tsy maintsy mifanatrika amin'ny fitaratra izy, ny lalàn'Andriamanitra, mijery izay tsy mety eo amin'ny toetrany ara-moraly, ary miala amin'ny fahotany, manasa ny akanjo-toetrany eo amin'ny ran'ny Zanak'ondry.” E.G.W. (God’s amazing grace, 11 Aogositra).

G LALÀNA ROA AO ANATY. Romana 7:21-25.

- ❖ LALÀNA AO AMIN'NY SAIKO
 - Dia ny mahafantatra ny sitrapon'Andriamanitra, izay nambara tamin'ny olona
 - Dia ny lalàn'Andriamanitra, izay fantatro sy eken'ny saiko
 - Dia mitarika aho ho eo amin'i Jesosy Kristy, Izay manafaka ahy amin'ny ota
- ❖ LALÀNA AO AMIN'NY MOMBA NY TENAKO
 - Dia ilay hery ratsy mitondra olana eo amin'ny fiainako
 - Dia manararaotra ny fironana ara-nofo rehetra
 - Dia mahatonga ahy ho andevon'ny ota
- ❖ Amin'ny alalan'i JESOSY KRISTY irery ihany no hahazoantsika fandresena.